# ALAHADY 12 AOG 2018

*2 Samoela 3:17-29:"Ary Abnera efa niteny tamin' ny loholon' ny Isiraely hoe: Efa ela izay no nitadiavanareo an' i Davida ho mpanjakanareo;*
*koa tanteraho izany ankehitriny, fa Jehovah efa nilaza an' i Davida hoe: Amin' ny tànan' i Davida mpanompoko no hamonjeko ny Isiraely oloko ho afaka amin' ny tànan' ny Filistina sy amin' ny tànan' ny fahavalony rehetra.*
*Ary Abnera efa niteny tamin' ny Benjamita koa, ary lasa izy hilaza amin' i Davida ao Hebrona koa izay rehetra tian' ny Isiraely sy ny taranak' i Benjamina rehetra hatao.*
*Dia tonga tany amin' i Davida tao Hebrona Abnera sy olona roa-polo lahy nanaraka azy. Ary nanao fanasana ho an' i Abnera sy ny olona nanaraka azy Davida.*
*Ary hoy Abnera tamin' i Davida: Hiainga aho, dia handeha hamory ny Isiraely rehetra ho etỳ aminao mpanjaka tompoko, mba hanaovany fanekena aminao ary hanjakanao amin' izay rehetra irin' ny fonao. Ary Davida nampandeha an' i Abnera; ka dia lasa soa aman-tsara izy.*
*Ary, indreo, tonga ny mpanaraka an' i Davida sy Joaba avy nitoha ka nitondra babo be; ary efa tsy teo amin' i Davida tao Hebrona intsony Abnera, fa efa nalefany izy, ka dia lasa soa aman-tsara.*
*Nony tonga Joaba sy ny miaramila rehetra izay nanaraka azy, dia nisy nanambara tamin' i Joaba hoe: Tonga tao amin' ny mpanjaka Abnera, zanak' i Nera, nefa nalefany izy, ka dia lasa soa aman-tsara.*
*Ary Joaba nankao amin' ny mpanjaka ka nanao hoe: Inona izany nataonao izany? Nahoana no efa tonga teto aminao Abnera ka nalefanao fotsiny, ka dia afaka soa aman-tsara izy?*
*Fantatrao anefa ny amin' i Abnera, zanak' i Nera, fa hamitaka anao no nahatongavany hahalalany ny ivoahanao sy ny idiranao ary hahalalany izay rehetra ataonao.*
*Dia nivoaka Joaba avy tao amin' i Davida ka naniraka olona hanaraka an' i Abnera, ary nitondra azy niverina avy any amin'*

*ny lavaka famorian-drano atao hoe Siraha ireo: nefa tsy fantatr' i Davida izany.*
*Ary nony niverina tao Hebrona Abnera, dia nentin' i Joaba nitanila tao anaty vavahady hiresaka aminy mangingina, kanjo nasiany tamin' ny kibony ka matiny ho todin' ny ran' i Asahela rahalahiny.*
*Ary rehefa afaka izany, dia nahare Davida, ka hoy izy: Tsy manan-keloka mandrakizay eo anatrehan' i Jehovah izaho sy ny fanjakako ny amin' ny ran' i Abnera, zanak' i Nera.*
*Hitsingerina amin' ny lohan' i Joaba sy ny tarana-drainy rehetra anie ny todin' izany; ary tsy ho tapaka amin' ny taranak' i Joaba anie ny marary mitsika, na ny boka, na ny mamahana amin' ny tehina, na ny lavon-tsabatra, na ny tsy manan-kohanina".*

RESAKA POLITIKAN'ANDRIAMANITRA

1. AZA MANAO TAHAKA AN'I ABNERA – MITANDREMA NY AMIN'NY FITADIAVANA TOMBONTSOA MANOKANA
2. MITANDREMA IANAO IZAY EFA MPANONTANY NY TOMPO HATRAMIN'IZAY, TANDREMO NY MANDEHA AMIN'NY HERIN'NY TENANAO KA TSY MANONTANY AN'ANDRIAMANITRA INTSONY
3. TANDREMO NY RESAKA TOMBONTSOA ATY AM-PIANGONANA FA TSY ANKASITRAHAN'NY TOMPO IZANY

Pasteur ANDRIAMIHAJA Lanto – Stagiaire